Fédération Sport Boules Malagasy
Siège Social: LOGT 76 Antanambao - 67Ha Sud, Antananarivo 101 - Madagascar
Tél. : (261) 33 14 314 75 - E-mail : madagascar@fipjp.com
www.fsbmalagasy.org

FSBM

**Didy fanapahana laharana 004-FSBM/2024**

Ny Federasiona Spaoro Boules Malagasy

Araka ny :

- Lalàna faha 97-014 tamin'ny 08 aogostra 1997 mikasika ny fomba fitantanana ary koa ny fampivoarana ny taranja sy fifaninanana aram-panatanjahantena ;
- Didim-panjakana faha 2010-001 mikasika ny fifandraisana eo amin'ny Ministera n'ny fanatanjahantena sy ireo mpisehatra rehetra anatin'izany, ary koa mamaritra ny fitantanana ankapobeny sy ny fomba fiasan'ireo fikambanana aram-panatanjahantena ;
- Sata mifehy, fitsipika anatiny ary ny fitsipim-pipehezana eto anivon'ny FSBM ;
- Fitanana an-tsoratry ny fivoriana tsy aram-potoana niarahan'ny FSBM sy ireo Ligim-paritra rehetra et Madagasikara tamin'ny 01 aogositra 2024 ;

Ary rehefa avy naka ny hevitry ny Fitaleavana Teknika Nasiônaly

**DIA MANAO IZAO DIDY FANAPAHANA IZAO**

**Andininy voalohany** : mba azahoana mandrafitra ny lisitr'ireo mpilalao hiatrika ny fampivondronana, izay hifantenana ireo handrafitra ny ekipam-pirenena malagasy hiatrika ny fiadiana izay ho tompon-daka erantany an'olon-telo miaraka lehilahy, atao any Dijon amin'ity taona ity, dia napetraka ireto mason-tsivana manaraka ireto :

- Izay Tompon'ny amboaran'i Madagasikara taona 2024 ;
- Izay Tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-tokana taona 2024 ;
- Izay Tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-droa miaraka taona 2024 ;
- Izay Tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-telo miaraka taona 2024 ;

FEDERATION SPORT BOULES FSBM MALAGASY

Telma
eldera
THB

- Ny filaharana tamin'ny « tournées estivales » (ka ireo izay teo amin'ny laharana enina voalohany) ;
- Ny mpilalao mila ravinahitra any ivelany izay namaly ny antson'ny FSBM ka voatazona satria nahafapo ny vokatra azony nandritra ireo fifaninana natrehany tamin'ity taona 2024 ity ;
- Ny filaharana taorian'ny fanisana ireo isa azon'ny mpilalao tsirairay avy nandritra ireo « tournoi à point » tamin'ity taona 2024 ity.

**Andininy faharoa** : antsoina ary hiatrika ny fampivondronana ireto mpilalao 18 manaraka ireto :

1. ANDRIANANTENAINA Faly Donald, N° 2YCG65K, Tompon'ny amboara sady Tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-telo miaraka tamin'ity 2024 ity ;
2. RATSIMBA Hery Nirina Edmond, N° UB8W1YJ, Tompon'ny amboara sady Tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-telo miaraka tamin'ity 2024 ity ;
3. RAZAFINIRINA Jeannie Alexander, N° NFML86H, Tompon'ny amboara sady Tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-telo miaraka tamin'ity 2024 ity ;
4. RAKOTOARISOA Niaina Thierry, N° G1Z659S, Tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-droa miaraka tamin'ity 2024 ity ;
5. RASOLONJATOVO Jean Christophe, N° A5TANFC, Tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-droa miaraka tamin'ity 2024 ity ;
6. ANDRY HERILALAINA Jean Bruno, N° E2C25DB, Tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-tokana tamin'ity 2024 ity ;
7. RAKOTONIAINA Faratiana, N° SA5HQ78, mpilalao malagasy nitazona ny laharana voalohany tamin'ny « Tournées Estivales » 2024 ;
8. RAKOTONDRAINIBE Jean Francois Nirina Daniel, N° OZVV2Y8, mpilalao malagasy nitazona ny laharana faharoa tamin'ny « Tournées Estivales » 2024 ;
9. RAFANOMEZANTSOA Andriamahazo Haja, N° M9HKF24, mpilalao malagasy nitazona ny laharana fahatelo tamin'ny « Tournées Estivales » 2024 ;
10. RAMANANTIARY Faralahy Urbain Joseph, N° IUVUQ72, mpilalao malagasy nitazona ny laharana fahaefatra tamin'ny « Tournées Estivales » 2024 ;

FEDERATION SPORT BOULES FSBM MALAGASY

Telma eldera THB

11. ANDRIANIAINA Christian Martin, N°VF80ATS, mpilalao malagasy nitazona ny laharana fahadimy tamin'ny « Tournées Estivales » 2024 ;
12. RAKOTOARISOA Yves Sedrick, N°X8JGWBA, mpilalao malagasy nitazona ny laharana fahaenina tamin'ny « Tournées Estivales » 2024 ;
13. ANDRIANTSEHENO Christian, mpilalao malagasy mila ravinahitra any ivelany ;
14. RANARINIRINA Fanomezantsoa, N° 7MEU1G1, manana isa 390 ;
15. ANDRIANJAKA Jean Michel, N° JT0KTMK, manana isa 310 ;
16. RAKOTOMANGA Barinirina Claude Joseph, N° 84B0PPI, manana isa 310 ;
17. RAZAFINARIVO Miarimanana, N° DA7R43E, manana isa 300 ;
18. RAKOTOARISOA Lova Satamandimby, N° H2P8F9A, manana isa 290 sady niady ny lalao famaranana tamin'ny fiadiana izay ho Tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-droa miaraka tamin'ity 2024 ity ;

**Andininy fahatelo** : omena 72 ora aorian'ny famoahana izao didy fanapahana izao ireo mpilalao rehetra voaantso ireo hilaza ny fanekeny na ny fandavany hiatrika ny fampivondronana, izany hoe ny alakamisy faha 17 oktobra 2024 amin'ny 6 ora hariva. Izany dia ataony amin'ny alalan'ny fiantsoana ny DTN (+261 34 98 656 73) ary hamafisiny amin'ny fandefasana taratasy amin'ny adiresy mailaka madagascar@fipjp.com, izay adiresy mailaka handraisan'izy ireo ny taratasy fiantsoana azy ôfisialy. Dila io fem-potoana io, na ny nandà na ny tsy nazahoana tamberina dia hosoloina avy hatrany amin'izay mpilalao manana isa betsaka manaraka ao amin'ny filaharana. izany azon'ny daholobe jerena sahady ao amin'ny tranokala https://kanetibe-fsbm.mg.

**Adininy fahaefatra** : ny daty sy ny toerana hanatontosana ny fampivondronana dia ampahafantarina manaraka eto ihany

Natao teto Antananarivo, anio 14 oktobra 2024

Ny Filoha,

FEDERATION SPORT BOULES FSBM MALAGASY

ANDRIANIRINA Adrien Julio Edouard

Telma

eldera

THB